REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana









# TATITRA AMPAHIBEMASO 2023-2024

**Tatitra notsorina**

Ny tatitra feno sy ny antsipiriany dia azo jerena ao amin'ny tranokala www.ccomptes.mg

# FIZAHAN-TAKELAKA

## FITSIRIHANA HO AN'NY TOMBONTSOAN'NY OLOM-PIRENENA


SEHATRY NY VARY 2

SEHATRY NY OMBY 4

SEHATRY NY JONO 5

ADY AMIN'NY TSY FAHAMPIAN-TSAKAFO 7

HERINARATRA – JIRAMA 8

ADY AMIN'NY HERISETRA MIFOTOTRA AMIN'NY MAHALAHY SY NY MAHAVAVY 13

VATSIM-PIANARANA 14

TOLOTRA ARA-PAHASALAMANA ANY AMIN'NY TOERANA SARO-DALANA 15


## TANTSOROKA HO AN'NY FAHEFAM-PANJAKANA


FANARAHA-MASO NY FANATANTERAHANA NY TETIBOLAM-PANJAKANA 2020 16

FANARAHA-MASO NY FITANTANAM-PANJAKANA IFOTONY 17

FANARAHA-MASO NY ASA ARA-TETIBOLA 19


## FITSARANA NY KAONTY


FITSARANA NY KAONTY 19

# SEHATRY NY VARY

## FITSIRIHANA NY RAFI-PITANTANANA AN'IREO TAMBAZOTRA FAMATSIAN-DRANON'NY FAMBOLENA VARY (RHA[1])

FARITRA ALAOTRA MANGORO SY BOENY – Fitantanana 2019 hatramin'ny 2021

Tsy mahomby ny rafi-pitantanana an'ireo tambazotra fitarihan-drano sy fanarian-drano ho an'ny fambolena (RHA) na ireo azo afindra fitantanana na tsia

### 1. Mahakasika ireo RHA tsy azo afindra fitantanana : tohodrano, tatatra ary lakandrano

Saro-pady ny fikojakojana sy fanarahamaso azy ireo ka voatery ny **Fanjakana** no miandraikitra izany.

Ireto avy ny lesoka hita tamin'ny fandraisana an-tanana ny RHA tsy azo afindra fitantanana nataon'ny Fanjakana :

- **Tsy ampy ny fanajariana** ireo fotodrafitrasa noho ny tsy fahampian'ny volan'ny minisiteran'ny Fambolena (MINAE) sy ny ny sampan-draharaham-paritry ny fambolena (DRAE)
- Tsy voatsangana ny **Tahiry natokana ho fanarenana sy ho fikojakojana ny tambanjotra fitarihan-drano sy fanarian-drano ho an'ny Fambolena (FRERHA)**
- Tsy tomombana ny hetsika ataon'ny Fanjakana amin'ny **fiarovana ny tontolo iainana**, ka mitarika ny fisian'ny "Lavaka" eo amin'ny sahan-driaka, ny firotsahan'ny atsanga eo amin'ny tanimbary sy ny RHA. Mihena koa ny hadirin'ny rano afaka tehirizina eo amin'ny tohodrano saro-pady, ka **mahalafo ny fikojakojana** izany (500 hatramin'ny 1 000 USD isaky ny hektara)
- Tsy misy ny **sampan-draharaham-pintantanana** vokatry ny tsy fisian'ny lalàna mifehy izany
- Tsy voatendry ireo **mpandraharaha mpizaha fototra ny fandika-dalàna** noho ny tsy fahampian'ny vola sy ny olona ao amin'ny MINAE

Ankoatr'izay, tsy nisy ny fanavaozana ny *angon-drakitra*[2] mahakasika ny RHA eo anivon'ny MINAE.



Manoloana izany, ny Fitsarana momba ny Kaonty dia manolotra ireto tolo-kevitra ireto ho an'ny Minisiteran'ny Fambolena :

- Fametrahana sy fampandehanana ny FRERHA
- Fanavaozana ny angon-drakitra mifandraika amin'ny lisitra sy ny toetran'ny RHA

[1] Réseaux hydroagricoles (RHA)
[2] Base de données

## 2. Mahakasika ireo RHA azo afindra fitantanana

Ireo fotodrafitrasa fanondrahana any amin'ny faritra fambolena izay **tantanan'ny mpampiasa rano manontolo** no voafaritra ho fotodrafitrasa azo afindra fitantanana.



Ireto avy ireo tsy fahatomombanana hita teo amin'ny fandraisan an-tanana ireo fotodrafitrasa ireo :

- **Ambany ny taham-pamoriana ny sara amin'ny vokatra** (« taux de recouvrement des redevances ») satria tsy mahafantatra tsara ny rafipandaminana ny fikambanan'ny mpampiasa rano ary tsy mandray anjara amin'ny fikojakojana, tsy nohavaozina ny sarintany momba ny sombin-tany *(« plans parcellaires »)*, ary sarotra fantarina ireo mpandoa hetra

- **Tsy voafehy ny fizarana ny rano** noho ny tsy fahampian'ny fanaraha-maso sy ny fanohanana ara-teknika ataon'ny teknisinina mpanolo-tsaina ara-pambolena

- Tsy tomombana ny **lafim-pitantanan-draharaha sy ny fitantanana ara-bola** eo anivon'ny fikambanan'ny mpampiasa rano satria tsy ampy ny fampiofanana sy ny fanaraha-maso mahakasika izany

- **Tsy misy ny Dina nankatoavina** satria tsy voaangona ny sonian'ireo fikambanana voakasik'izany, tsy ampy ny tantsoroka ataon'ny DRAE ary noho ny tahotry ny valifaty

Noho izany, ny Fitsarana momba ny Kaonty dia manao izao tolo-kevitra izao, ao anatin'ny fe-potoana salasala, ho an'ny minisitera miandraikitra ny fambolena :

- Entanina ny mpikambana ao amin'ny fikambanan'ny mpampiasa rano ny amin'ny maha zava-dehibe ny sarany sy ny andraikitr'izy ireo amin'ny fitantanana ny RHA
- Raisina ireo fepetra ilaina amin'ny fanavaozana ny sarintany momba ny sombin-tany sy ny fanisana ireo mpandoa hetra
- Ampitomboina ny isan'ny teknisianina mpanolo-tsaina ara-pambolena izay hiandraikitra ny fanaraha-maso sy ny fanohanana ara-teknika ho an'ireo mpiandraikitra ny fanarenana, ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny RHA eo anivon'ny fikambanan'ny mpampiasa rano
- Raisina ny fepetra hisian'ny Dina nankatoavina ary ampiharina izany

# SEHATRY NY OMBY

## FITSIRIHANA NY RAFI-PAMANTARANA NY OMBY

Fitantanana 2019 hatramin'ny 2022

Mbola sarotra ny fampiharana amin'ny fomba hentitra ny didy aman-dalàna mifehy ny rafi-pamantarana ny omby eto Madagasikara. Ho an'ny rafi-pamantarana andrana kosa dia tsikaritra fa mbola marisarisa be ihany ny zotram-panatanterahana izany, anisan'izany ny ao amin'ny distrika toy Fianarantsoa, Ambalavao, Ihosy, Betroka, Ambovombe Androy, Antsohihy, Mahajanga I ary Tsiroanomandidy.

### 1. Mbola sarotra ny fampiharana eny ifotony ireo didy aman-dalàna mifehy ny rafi-pamantarana ny omby :

- Tsy mifanaraka amin'ny filan'ny mpiompy omby ireo **bokinomby** nomena azy, ka mahatonga ny maro amin'izy ireo hampiasa kahie tsotra lehibe, izay mora vidy lavitra noho ireo bokinomby vokarin'ny Trano printy ary mahazaka omby mihoatran'ny 80 isa
- **Maro ihany koa ireo sarany** aloan'ny mpiompy mahakasika ny fomba famantarana, famarotana na fampivezivezena ny ombiny. Ho an'ny faritra Ihorombe dia tsy misy tapakila ara-dalàna manamarina ny fandoavana ny sarany.
- Tsy misy fifanarahana mahakasika ny **saram-pitsaboana ny biby** eo anivon'ireo tompon'andraikitra

Ny mpiompy amin'ny faritra SOFIA dia mandoa sarany eo amin'ny **35 000 Ariary isan'omby**

### 2. Mila hatsaraina ny zotra-panatanterahana ny tetikasa andrana :

- Voatery niato ny tetikasa **andrana « bolus ruminaux »**[3] rehefa tsikaritra fa naloan'ny omby avokoa ireo izay napetraka tao aminy tany amin'ny toerana nanaovana ny fanandramana
- Ambany ny tahan'ny **fametahana kavim-pamantarana elektronika** ho an'ny faritra nanaovana ny andrana satria dia **3,92%** ihany no vita ho an'ny Faritra Androy. Tsy mazoto amin'io andrana io ny mpiompy omby sasany satria mino fa fady ny mikasika ny sofin'ny omby.



Nandroso ireto tolo-kevitra ireto ny Fitsarana ho an'ny Fitondram-panjakana :

- Fampifandrindrana ny bokinomby amin'ny filan'ireo tompon'omby araka ny isan'ny omby
- Fametahana ny kavin'omby sy ny fampanajana ny fampiasana ireo taratasin'omby araka izay efa voalazan'ny didim-panjakana mifehy ny rafi-pamantarana ny omby
- Fampiharana sy fampandehanana ny vaomiera telo tonta tokony hamaritra ny saram-pitsaboana ny biby
- Fanatsarana ny zotram-panatanterahana ny tetikasa andrana fametrahana « bolus ruminaux »

[3] Ny « bolus ruminaux » dia misy « puces électroniques » ao anatiny ka asaina atelin'ny omby izany mba hitoetra maharitra ao anatin'ny vavoniny.

# SEHATRY NY JONO


## FITSIRIHANA NY MOMBA NY ASA FANARAHA-MASO NY JONO AN-DRANOMASINA

Tsy mahomby ny lamina fanaraha-maso ny fanjonoana an-dranomasina

### 1. Tsy mahomby ny lamina fanaraha-maso ny fidirana amin'ny asa fanjonoana


Sahirana ny Fanjakana amin'ny fanaraha-maso ny fidirana amin'ny asa fanjonoana madinika.






*Loharano : MPEB, Fitsarana momba ny Kaonty*

**94% mahery** ireo sambo kely tsy mbola misy laharam-pamantarana





*Loharano : Enquête Cadre Nationale 2023, Fitsarana momba ny Kaonty*

- Ny VMS (Vessel Monitoring System), izay fitaovana mampiasa zanabolana hanaraha-maso ny sambo mpanjono lehibe, dia **tsy niasa maharitra tamin'ny taona 2019 sy 2020** noho ny tsy fahampiana ara-bola.

2. **Ahitana lesoka ny lamina fanaraha-maso ny fanjonoana sy ny fisorohana ny jono tsy manara-dalàna**

- Eo amin'ny jono madinika dia tsy azo antoka araka ny tokony ho izy ny **fanaraha-maso ny vokatra azo** ary tsy mihatra ny sazy raha misy fandikan-dalàna mifandraika amin'ny asa fanjonoana madinika
- Raha jerena ny jono salantsalany sy vaventy :
  - Tsy ampy ny isan'ireo **mpanara-maso matihanina** na « observateurs de pêche » ary tsy mandavan-taona ny fanaraha-maso ataony
  - Voafetra ny fahafaha-miasan'ny Foibe mpanara-maso ny Jono (« Centre de surveillance des Pêches » na CSP) noho ny tsy fahampian'ny fitaovana:




| Sambo | Tanjaka | Solika lany isan'ora |
|---|---|---|
| **Atsantsa** | 900 chevaux x 2 | 150 litatra x 2 |
| **Telonify** | 420 chevaux | 28-35 litatra |
| **Sambo haingam-pandeha** | Arakaraka ny motera | 4-25 litatra |

3. **Ny bokin'ny jono ihany no hahafahana manombana ny vola miditra mifandraika amin'ny vokatry ny jono an-dranomasina.** Tsy manana fomba hafa hanamarinana ny fanambarana voarakitra ao anatin'izany ny sampan-draharaham-panjakana.

4. **Tsy mahomby ny lamina fitsinjovana ny tahirin-kazandrano**

- Hatramin'ny taona 2022 dia tsy nisy fanombanana ny habetsaky ny tahirin-kazandrano mbola azo jonoina. Araka ny paikadim-pirenena ho an'ny fitantanana tsara ny jono an-dranomasina tamin'ny taona 2012, dia manodidina ny **200.000 taonina isan-taona** ny tahirin-kazandrano mbola azo jonoina.
- Tsy natao laharam-pahamehana ny fanaraha-maso ny **fanariana ny vokatra**, kanefa miteraka fandaniam-poana sy loza mitatao amin'ny tontolo iainana an-dranomasina izany.

| Karazana fanariana | Habetsaky ny fanariana 2019 | 2020 | 2021 | 2022 |
|---|---|---|---|---|
| | *(amin'ny taonina)* | | | |
| **Makamba** | 2,21 | 0,89 | *ND* | 0,18 |
| **Trondro** | 21,68 | 168,94 | *ND* | 213,64 |

- Telo ihany ny faritra manana **rafi-panajariana ny jono** (« *Plans d'Aménagement des Pêcheries* » na PAP) tena miasa : PAP an'ny faritra Melaky, Helodranon'Antongila (Faritra Analanjirofo), BATAN (faritra DIANA) ho an'ny helodranon'Ambaro, Tsimipaika, Ampasindava ary Nosy Be sy ny nosy manodidina azy. Ny any amin'ny faritra hafa, na tsy misy ny PAP, na misy fa tsy miasa.

Ireto ny soso-kevitry ny Fitsarana momba ny Kaonty :

- Omena ny fitaovana ilainy sy azony ampiasaina amin'ny iraka ataony ireo sampana mpanara-maso ny jono (CSP, DRPEB, DESP)
- Apetraka ny rafi-panajariana ny jono (PAP) any amin'ny faritra amorontsiraka
- Ampiharina ny sazy voalazan'ny didy aman-dalàna mba hisorohana ny fanao tsy ara-dalàna
- Tendrena ny mpanara-maso matihanina hanara-maso eny ambonin'ny sambo rehetra

# FITSIRIHANA NY FAHOMBIAZAN'NY FEPETRA NORAISAINA AMIN'NY ADY AMIN'NY TSY FAHAMPIAN-TSAKAFO ANY ATSIMON'NY MADAGASIKARA

Fitantanana 2020 hatramin'ny 2022



Misedra olana maro ny ady atao amin'ny tsy fanjarian-tsakafo : ara-politikam-pitantanana, ara-drafitra, ara-bola, ara-fotodrafitrasa ary ara-kolontsaina

- **Tsy misy politika nasionaly mirindra** mikasika ny tsy fahampian-tsakafo, na dia eo aza ny fanekena iraisam-pirenena.
- **Tsy misy rafitra ara-dalàna hahafahana mandamina sy mampirindra** ny asa atao hiadiana amin'ny tsy fahampian-tsakafo.
- **Tsy ampy ny loharanom-bola** arotsaky ny Fanjakana ho an'ny fambolena sy ny fotodrafitrasa mifandray aminy (rano sy làlana), ka ambany lavitra noho ny taha napetraky ny Fanambaran'ny Vondrona Afrikanina tamin'ny faha-12 jolay 2003 (**4,18% ny tetibola raha tokony ho 10%**).
- Misedra **olana goavana eo amin'ny fahazoana rano fisotro madio** ny faritra atsimon'ny nosy, fanampin'ireo olana ara-pitantanana sy ara-bola ho an'ny mpitantana ny rano.
- Tsy tomombana ary tsy vita tanteraka ny tetikasa **« Titre vert » amin'ny lafiny sosialy**, ka tsy nahitam-bokatra firy teo amin'ireo mpisitraka.
- Manasarotra ny fanatanterahana ireo fepetra noraisina ny fomba amam-panao nentim-paharazana sasantsasany.


Noho izany dia manolotra soso-kevitra ny Fitsarana mba handraisana fepetra hampahomby kokoa ny ady amin'ny tsy fahampian-tsakafo, toy ny famolavolana politika nasionaly mirindra, ny fametrahana rafitra fampirindrana, ny fanatsarana ny fampiasam-bola, ny fanatsarana ny fahazoana rano.

# HERINARATRA – JIRAMA

## FANARAHA-MASO NY TOLO-KEVITRA HO AN'NY JIRAMA

Tamin'ny taona 2017 dia nanao fitsirihana ny fahombiazan'ny orinasa JIro sy RAno Malagasy (JIRAMA) ny Fitsarana momba ny kaonty ka namoaka tolo-kevitra mahakasika lafiny samihafa : ny rafi-pitantanana, ny rafitra fitsinjarana herinaratra, ny rafi-pamokarana herinaratra ary ny rafitra ara-barotra.

**Famintinana mahakasika ireo tolokevitra miisa 29 niharan'ny fanaraha-maso tamin'ny taona 2022**




| | TOLO-KEVITRA | Notan-terahina | Eo am-panatanterahana | | Tsy tontosa | Tsy nihatra |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | Fandrosoana mahafa-po | Fandrosoana tsy mahafa-po | | |
| | **LALANA SY FITSIPIKA MIFEHY ARY RAFI-PITANTANANA** | | | | | |
| 1 | Fanoritana mazava ny satan'ny JIRAMA | | | | ✓ | |
| 2 | Ny fametrahana ny « *contrôleur général* » | | | | ✓ | |
| 3 | Fampanarahana ny satan'ny JIRAMA amin'ny lalàna manan-kery momba ny orinasa ara-barotra | | | | ✓ | |
| | **RAFI-PITANTANANA FAMOKARANA HERINARATRA** | | | | | |
| 4 | Ny fandraisana ny fepetra rehetra mba hampihenana ny fatiantoka ara-teknika sy tsy ara-teknika | | ✓ | | | |
| 5 | Ny fijerena ara-teknika ireo vata mpamokatra herinaratra ampiasaina na hofain'ny JIRAMA | | | ✓ | | |
| 6 | Ny fifindran'ny foibe mpamokatra herinaratra sasany mampiasa solika gasoil mankany amin'ny solika Fuel Oil | ✓ | | | | |
| 7 | Ny fitadiavana loharanom-bola ividianana kojakoja ho an'ny milin'ny JIRAMA | | | ✓ | | |
| 8 | Ny fanatanterahana tetik'asa mikasika ny angovo azo havaozina | | ✓ | | | |
| 9 | Ny fitadiavana fiaraha-miasa amin'ny mpamatsy vola | | | ✓ | | |
| | **RAFI-PITANTANANA NY FITSINJARANA HERINARATRA** | | | | | |
| 10 | Ny fampiasana jiro mitsitsy angovo sy « *compteur intelligent* » | | | ✓ | | |
| 11 | Ny fanentanana ny mpanjifa mahakasika ny sazy mihatra raha misy ny halatra herinaratra | ✓ | | | | |
| 12 | Fampiharana ny lalàna momba ny fanaraha-maso sy ny fanasaziana ny fanaovana hosoka amin'ny halatra herinaratra | ✓ | | | | |

| | TOLO-KEVITRA | Notan-terahina | Eo am-panatanterahana | | Tsy tontosa | Tsy nihatra |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | Fandrosoana mahafa-po | Fandrosoana tsy mahafa-po | | |
| 13 | Ny fanaraha-maso maharitra sy ny hetsika fitsirihana | | ✓ | | | |
| 14 | Ny fanamafisana ny rafitra fiarovana sy fanaraha-maso | | | ✓ | | |
| 15 | Ny fampandrosoana ny tambazotran'ny herinaratra | | | ✓ | | |
| 16 | Fanamafisana ny tahirin'ny fitaovana fitsinjarana herinaratra | | | ✓ | | |
| 17 | Ny fanarahana ny lamina mikasika ny fangatahana fampidirana herinaratra | | | ✓ | | |
| 18 | Ny fametrahana ny tetikasa SMART METER | | | ✓ | | |
| | **RAFI-PITANTANANA ARA-BAROTRA** | | | | | |
| 19 | Ny fametrahana politikam-pifandraisana matanjaka amin'ny mpanjifa | ✓ | | | | |
| 20 | Ny fanentanana ny mpanjifa amin'ny fanajana ny fandoavana ara-potoana ny faktiora | ✓ | | | | |
| 21 | Ny fitohizan'ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny mpanjifa | ✓ | | | | |
| 22 | Ny fanaovana faktiora fampahatsiahivana ny fandaniana herinaratra | ✓ | | | | |
| 23 | Ny fametrahana lamina momba ny fandoavana tsikelikely ny trosan-jiro | | ✓ | | | |
| 24 | Ny fampiharana mahomby sy hentitra izay lamina voafaritra mahakasika ny fandoavan'ny mpanjifa ny volan-jiro | | | | ✓ | |
| 25 | Ny fanamafisana ny fametrahana « compteur prépayé », indrindra ho an'ny sampandraharaham-panjakana | | | | | ✓ |
| 26 | Ny fitohizan'ny fampahatsiahivana ireo mpanjifa "Administration" na sampandraharaham-panjakana amin'ny fandoavana ny faktiorany sy ny trosany | | | ✓ | | |
| 27 | Ny fanatsarana ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny Tahirim-bolam-panjakana momba ny fandoavan' ny sampandraharaham-panjakana ny faktiorany | | | | ✓ | |
| 28 | Ny fandraisana lamina mazava tsara mahakasika ny mpanjifa « sampandraharaham-panjakana » momba ny fandovam-bola sy ny fifanolanana | | | | ✓ | |
| 29 | Ny fanamafisana ny fanaraha-maso ataon'ny Sampan-draharahan'ny Fanadihadiana anatiny eo anivon'ny orinasa | ✓ | | | | |
| | **Fitambaran'ireo tolo-kevitra** | **8** | **4** | **10** | **6** | **1** |

Ny Fitsarana dia mandroso ireto tolo-kevitra ireto :

- Ampiharina amin'ny fomba hentitra ny lamina momba ny famoriana ny vola miditra
- Amafisina ny fanaraha-maso ny mpanjifa sampandraharaham-panjakana
- Amafisina ny fampiasam-bola amin'ny angovo azo havaozina
- Amafisina ny fampiasam-bola amin'ny famokarana fitaovana fizarana herinaratra (tariby fitarihana herinaratra sy andrin-jiro)
- Omena toerana ny teknisiana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra

# FITANTANANA NY SOLIKA AMPIASAINA AMIN'NY FAMOKARANA HERINARATRA AO AMIN'NY TAMBAZOTRA IRAISAN'ANTANANARIVO (RIA)

Fitantanana 2020 hatramin'ny 2023


Tsy azo antoka ny rafitra famatsiana solika



1. **Tsy voavaly ny filàna angovo avy amin'ny RIA satria tsy ampy ny famokarana angovo azo havaozina, kanefa misedra olana ny JIRAMA hahazoana solika hamokarana angovo fanampiny**

**Olana eo amin'ny famokarana angovo azo havaozina:**

- **Tsy ampy ny fikojakojana andavanandro** ny fitaovana mba ho fisorohana ny fahasimbana
- Fiantraikan'ny **rotsa-korana** amin'ny famokarana herinaratra
- Sahirana ny JIRAMA mampihatra ny **fifanarahana momba ny famokarana herinaratra sady mampiasa solika no angovo azo havaozina**
- **Efa manakaiky ny fetra zakany** ny tambazotra fitsinjarana herinaratra




**Olana hita amin'ny famatsiana ny solika ilaina :**

- Manodidina ny **1 200 hatramin'ny 2 500 miliara ariary ny trosa** tsy voaloan'ny orinasa teo anelanelan'ny taona 2020 sy 2022
- Miakatra lavareny ny **vidin-tsolika**
- **Maty antoka ny JIRAMA** amin'ny fifanarahana amin'ireo mpamokatra angovo :
  - ✓ Vokatra kely indrindra tsy maintsy vidiana (VMA) : misy fatra farafahakeliny tsy maintsy vidin'ny JIRAMA amin'ny angovo novokarin'ireo mpamokatra na dia misy ampahany tsy nampiasainy na mihoatra ny filàny aza ao amin'io fatra io
  - ✓ Take-or-pay : tsy maintsy mividy ny angovo rehetra vokarin'ny mpamokatra ny JIRAMA na dia mihoatra ny fetra nifanekena tamin'ny fifanarahana aza ny habetsahany
- Tsy misy ny **drafitra famokarana angovo**

## 2. Latsaky ny fatran'ny solika novidiana ny fatran'ny solika voaray :

- Tsy misy ny drafitra andaminana ny **famatsiana solika**
- **Tsy ampy ny isan'ny mpiasa misahana ny famatsiana solika** :
  - ➢ Tara na lavina ny famoahana ny solika entin'ny fiara mpitatitra (*« camions-citernes »*)
  - ➢ Misy ny famoahana solika atao amin'ny alina

**734 tapitrisa ariary** ny fatiantoka ara-bola noho ny elanelana eo amin'ny fatran'ny solika novidiana sy voaray nanomboka tamin'ny taona 2021 hatramin'ny jona 2023 :

- **124 726 litatra** ny Fuel Oil (FO)
- **47 985 litatra** ny Gas Oil (GO)

- Nahitana fitrangana olana nandritra ny fitaterana solika nataon'ny **fiara mpitatitra** :
  - ➢ Miova an-dalana ny toerana alehany
  - ➢ Tara ny fanaterana ny solika (maharitra hatramin'ny 18 andro ny fanaterana eo anelanelan'ny LPSA Ankorondrano sy Ambohimanambola)
  - ➢ Misy ny fanaovana tahiry mitsingevana na « stocks flottants » izany hoe mitahiry solika ao anaty kamiao mandritra ny andro vitsivitsy eo am-piandrasana ny hanaterana azy eny amin'ny tobim-pamokarana
- Nisy **fitànana an-tsoratra diso** nampiasaina teo am-pandraisana ny entana, ka mety hisy noho izany ny halatra na fiovan'ny kalitaon'ny solika voatitra.

## 3. Tsy voahaja ny fatran-tsolika ara-dalàna azon'ny fiara mpitatitra entina, satria tsy tomombana ny fitaovana fandrefesana :

- Fitobahan'ny solika, loza, fatiantoka ara-bola ho an'ny JIRAMA izay tsy maintsy mividy ny fatran'ny solika voarakitra teo am-piaingana (miala ny tobin-tsolika) raha toa ka *« franco dépôt »* ny fifanarahana amin'ny mpamatsy solika.

| Taona | Karazan-tsolika | Fatra voatitra | Fatra mihoatra ny fenitra voafaritra | Fatra latsaka ny fenitra voafaritra |
|---|---|---|---|---|
| **Fitambarany tamin'ny 2021 hatramin'ny Jona 2023** | FO | 40 271 949 | 50 499 | -112 110 |
| | GO | 1 132 210 | 2 526 | -7 081 |

*Loharano : Fuel-Oil nanomboka tamin'ny 2020 ka hatramin'ny Jona 2023 miaraka amin'ny mpamatsy (DAPPRO)*

## 4. Tsy ampy ny fanaraha-maso ny tahirin-tsolika ary tsy mahomby ny famokarana herinaratra

- <u>Tsy mitovy ny tahirin-tsolika voarakitra any amin'ny Mpamokatra sy any amin'ny JIRAMA :</u>
  - ➢ Tara 4 hatramin'ny 8 volana ny firaketana an-tsoratra ao amin'ny *rindrambaiko* na *« logiciel » Matselaka* ampiasain'ny JIRAMA



Ny tsy fitovian'ny tahirin-tsolika FO ho an'ny Mpamokatra miisa 4 dia mahatratra **22,9 tapitrisa litatra**

- Misy **famoahana na fampidirana solika tsy voarakitra an-tsoratra**, na ao amin'ny JIRAMA, na eo anivon'ny Mpamokatra angovo
- **Tsy mitovy ny fitahirizana an-tsoratra (miditra na mivoaka)** ataon'ny JIRAMA sy ny Mpamokatra. Ohatra amin'izany :
  - Nihoatra teo amin'ny 19 823 735 litatra ny fidiran-tsolika FO ho an'ny Mpamokatra iray ao Ambohimanambola, raha oharina amin'ny tarehimariky ny JIRAMA, nanomboka ny taona 2020 hatramin'ny volana aprily 2023
  - Ho an'ny Mpamokatra iray hafa ao Ambohimanambola dia nisy elanelana manodidina ny 3 080 068 litatra ny fidiran-tsolika GO, nanomboka ny taona 2020 hatramin'ny volana jona 2023

Anisan'ireo antony : **tsy afaka miditra amin'ny toeram-pamokarana angovo tsy miankina ireo mpiasan'ny JIRAMA**, mba hahafahany manamarina ny tahirin-tsolika novidian'ny orinasa.

- <u>Tsy mahomby ny famokarana herinaratra raha oharina amin'ny solika lany :</u>
  - Miteraka **« *consommations spécifiques de production* »** na CSP ambony, mihoatra noho ny fenitra tokony ho izy ny tsy fahombiazan'ny tobim-pamokarana. Ny CSP dia mandrefy ny lanjan'ny solika ilaina hamokarana herinaratra 1KWh.

| Lohahevitra | Vetin-drefy | 2020 | 2021 | 2022 | Jona 23 | Fitambarany |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Famokarana avy amin'ny solika GO** | KWh | 16 105 423 | 40 325 875 | 69 583 266 | 4 181 825 | **130 196 389** |
| **Fandaniana / Fampiasana GO** | litatra | 7 124 749 | 18 576 399 | 27 617 291 | 1 576 141 | **54 894 580** |
| **CSP ankapobeny – solika GO (tena izy)** | g/KWh | 372 | 387 | 333 | 317 | |
| **CSP ankapobeny – solika GO (fenitra)** | g/KWh | 230 | 230 | 230 | 230 | |
| **Fandaniana GO raha voahaja ny CSP** | litatra | 4 409 818 | 11 041 609 | 19 052 561 | 1 145 024 | **35 649 011** |
| **Elanelana oharina amin'ny fandaniana tena izy** | litatra | 2 714 931 | 7 534 790 | 8 564 730 | 431 117 | **19 245 569** |

Ireo tsy fanajana ny fenitra tokony arahina ireo dia niteraka fanjifàna GO **19,2 tapitrisa litatra ambonin'ny tokony ho laniana,** ary fatiantoka ara-bola tombanana ho **94,3 miliara Ariary** tamin'ny 2020 hatramin'ny Jona 2023 (*1 litatra GO = 4900 ariary).*

Noho ireo rehetra voalaza etsy ambony ireo, ny Fitsarana dia manoro hevitra :

1) **Ny Fanjakana** (miaraka amin'ny MEH na ny departemanta hafa) mba :
- Haverina dinihina ny fifanarahana izay mametraka fepetra mifanohitra amin'ny tombontsoan'ny JIRAMA (ny fisian'ny Vokatra kely indrindra tsy maintsy vidina (VMA) na fepetra hafa mitovy amin'izany)
- Havaozina ny fifanarahana mba hamelana ireo mpiasan'ny JIRAMA hiditra amin'ny tobim-pamokarana
- Hampiroborobo ny angovo azo havaozina ary famporisihana ny tetikasa mivohy ny fampiasana angovo azo havaozina, avy amin'ny rano, ny masoandro ary ny rivotra
- Fananganana tahirin-drano sy tohodrano fihazonana rano.

2) Ny **JIRAMA** mba :
- Harahi-maso ny fampiharana ny fifanarahana momba ny famokarana herinaratra sady mampiasa solika no angovo azo havaozina ("contrat d'hybridation") efa nosoniavina teo anivon'ny JIRAMA
- Hamafisina ny fanaraha-maso ny fitaterana solika sy ny fitantanana ny tahirin-tsolika
- Hanamboatra fandaharana na drafi-pamokarana ho an'ny mpamokatra tsirairay mba handaminana ny famokarana isaky ny tombim-pamokarana
- Hampidirana anatin'ny torolalana omena ny mpiasa izay rehetra mahakasika ny fomba fiasa amin'ny fitantanana ny tahirin-tsolika

# FAHOMBIAZAN'NY ADY AMIN'NY HERISETRA MIFOTOTRA AMIN'NY MAHALAHY SY NY MAHAVAVY

Fitantanana 2017 hatramin'ny 2021

**30% ny vehivavy** eo anelanelan'ny 13 taona sy 49 taona no niaina karazana herisetra mifototra amin'ny mahalahy na mahavavy iray farafahakeliny teto Madagasikara, araka ny fanadihadiana nasionaly natao tamin'ny taona 2012 sy 2013

Mbola miatrika sakana maro ny Fitondram-panjakana amin'ny fampihenana ny fihanaky ny herisetra mifototra amin'ny mahalahy na mahavavy, mba hahatratrarana ny Tanjona Fampandrosoana Lovainjafy fahadimy (ODD tanjona 5.2) hatramin'ny 2030.

Toy izao ireo fanamarihana navoakan'ny Fitsarana raha nanao ny fitsirihana teo amin'ny faritra efatra dia Analamanga, Atsimo Andrefana, Fitovinany ary Diana :

**1. Marefo ny didy aman-dalàna mifehy ny ady.** Tsy mbola mihatra ny didim-panjakana sy ny didim-pitondrana kanefa tena ilaina izany amin'ny fampiharana ny fepetra mikasika ny fisorohana, ny fiarovana ary ny fikarakarana ireo niharam-boina.

**2. Mbola tsy mihodina ny vovonan'ny ady amin'ny herisetra mifototra amin'ny mahalahy sy mahavavy eo amin'ny sehatra nasionaly sy isam-paritra.** Izany rafitra izany anefa no tompon'andraikitra amin'ny fandrindrana sy ny fametrahana ny antontanisa amin'ny ady amin'ny herisetra mifototra amin'ny mahalahy sy mahavavy. Tsy nisy tokoa hatreto ny fanendrena ireo solontena isan-tsokajiny mandrafitra ny vovonana araka ny voalaza ao amin'ny didim-panjakana mifehy izany.

**3. Tsy misy tahirim-bola voatokana ho fikarakarana ireo niharam-boina, na dia nampanantena izany aza ny paikady napetraka**

**4. Mbola marefo ny fiantsorohana ireo niharam-boina :**

- Miisa 5 fotsiny hatreto ny ivon-toerana fiantsorohana manokana manerana ny Nosy raha toa ka 6 ny ivon-toeram-pitsaboana Vonjy. Sarotra ny fidirana amin'izany ary tsy ampy ny enti-manana ara-bola sy ara-pitaovan'izy ireo.
- Mbola marisarisa ny famerenana an'ireo niharam-boina amin'ny sehatra arak'asa sy ny fanomezana azy fahafaha-mizakan-tena, ary tantsoroka amin'ny lafiny lalàna sy ara-pitsaràna.

Ireo tolo-kevitra lehibe naroson'ny Fitsarana momba ny Kaonty dia mikendry ny :

- Fampiharana ny didim-panjakana mifehy ny fisorohana, ny fiarovana ary ny fikarakarana ireo niharam-boina
- Fametrahana sy fampandehanana ny vovonan'ny ady amin'ny herisetra mifototra amin'ny maha-lahy sy maha-vavy izay miandraikitra ny fiarovana ny zon'ireo niharam-boina sy ny fanangonana antontanisa
- Fanendrena ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny mandrafitra ny vovonan'ny ady amin'ny herisetra mifototra amin'ny maha-lahy sy maha-vavy
- Fisitrahan'ireo vehivavy niharam-boina manerana ny Nosy ireo ivon-toerana fiantsorohana manokana

# VATSIM-PIANARANA ENY ANIVON'NY ONIVERSITEM-PANJAKANA

FITANTANANA 2016 HATRAMIN'NY 2021

Maro ny tsy fanarahan-dalàna momba ny fitantanana ny vatsim-pianarana tsikaritra nandritra ny fitsirihana natao :




- Tsy tomombana ny fomba fiasa amin'ny **fisoratana anarana** eo anivon'ny Oniversite
- **Tsy voahaja ny fepetra** ahazoana ny vatsim-pianarana
- **Tara sy tsy manara-dalàna** ny fomba famindrana ny vola sy ny fandoavana ny vatsim-pianarana, raha oharina amin'ny lalàna mifehy ny vatsim-pianarana sy ny haikaontim-panjakana
- **Tsy tomombana ny fomba fandoavana** ny vatsim-pianarana ho an'ny mpianatra
- Tsy mahomby ny **fitazomana kaontim-bola sy ny kaontin'ny oniversitem-panjakana**, na dia efa anaovan'ny matihanina fanamarinana ara-bola (*cabinet d'expertise)* aza izy ireo
- **Tsy voajery ny fahasamihafan'ireo oniversite** tsirairay avy nandritra ny famolavolana ny fanovàna nomerika
- **Tsy tomombana ny fandrindrana** ireo lahasa sy ny fandoavana ny vatsim-pianarana mikasika ny fanovàna nomerika eo anivon'ny PAOMA, ary tsy azo antoka tanteraka ny fitaovana ampiasaina.

**Talohan'ny fanovàna nomerika dia ny <u>oniversitem-panjakana</u> no niandraikitra ny fitantanana sy fandoavana ny vatsim-pianarana :**

**33,43%** ny fanampiana ara-bola voarain'ny oniversitem-panjakana enina no naompana any amin'ny vatsim-pianarana

**133,7 lavitrisa Ariary** ny fanampiana ara-bola nalefan'ny MESupReS ary voarain'ny oniversitem-panjakana (ankoatran'ny Oniversiten'Antsiranana)




*Vanim-potoana : 1 Janoary 2016 hatramin'ny 2 Martsa 2021*

**Hatramin'ny fanovàna nomerika dia ny <u>PAOMA</u> no mitantanana sy mandoa ny vatsim-pianarana:**

**24,1 lavitrisa Ariary** ny fanampiana ara-bola voarain'ny PAOMA handoavana ny vatsim-pianarana eo anivon'ny oniversitem-panjakana enina

**Nihena 38% ny fandaniana** momba ny vatsim-pianarana raha oharina amin'ny 2020

**Fitakiana miisa 1 468** no voaray raha miisa 28 051 ireo mpianatra mandray vatsim-pianarana avy amin'ny Oniversite Fianarantsoa izay natao mpitari-dalana tamin'ny fanovàna nomerika ny fandoavana ny vatsim-pianarana, izany hoe vatsim-pianarana ho an'ny **5,23%** ny mpianatra no nahitana lesoka

*Vanim-potoana : 3 Martsa hatramin'ny 31 Desambra 2021*

Mba hamahana izany, ny Fitsarana dia nanome soso-kevitra mifantoka indrindra amin'ny :

- Fanitsiana ny lalàna mifehy ny oniversitem-panjakana mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ny lalàna laharana 2018-037 tamin'ny 8 febroary 2019 mametraka ny fitsipika mifehy ny Antokon-draharaham-panjakana ary koa ny fitsipika hamoronana ny sokajin'izy ireo
- Fametrahana mpitambolam-mpanjakana any amin'ny oniversitem-panjakana sy ny fampitsaharana ny andraikitry ny matihanina amin'ny kajy ara-bola (*Commissaire aux comptes*)
- Fampifanarahana ny tetiandron'ireo oniversitem-panjakana rehetra manomboka amin'ny fanombohan'ny fisoratana anarana ka hatramin'ny fifaranan'ny taom-pianarana
- Fanajana ny lalàna mikasika ny fitantanana ny vatsim-pianarana sy ny haikaontim-panjakana
- Fandraisana anjara bebe kokoa an'ny oniversite amin'ny fanatanterahana ny fanovàna nomerika
- Fanamafisana sy fanarahamaso ny asa rehetra mikasika ny fanovàna nomerika amin'ny alalan'ny famolavolana ireo tarihin-kevitra fototra mifehy ny fanovàna nomerika
- Fanatsarana ny sehatra ampiasaina amin'ny fanovàna nomerika eo anivon'ny PAOMA

# FANAMARINANA NY FAMPANARAHAM-PENITRA NY MPIASA AMIN'NY TOBIMPAHASALAMANA FOTOTRA (CSB) ANY AMIN'NY TOERANA SARO-DALANA

TETIKASA FIOMANANA AMIN'NY VALAN'ARETINA SY FANAOVANA TOLOTR'ASA HO AN'NY FAHASALAMANA FOTOTRA

Mpitsabo mpanampy 2 ho an'ny CSB 1
Dokotera 1 ary mpitsabo mpanampy 2 ho an'ny CSB 2

- **18,78% fotsiny** amin'ireo CSB miisa 820 saro-dàlana any amin'ny faritra laharam-pahamehana no ahitana isan'ny mpitsabo na mpitsabo mpanampy (paramédical) mifanaraka amin'ny fenitra. Ny tanjona dia 30% tamin'ny 2023.
- Eo amin'ny 60% ny CSB no **tsy manana angovo sahaza** : na herinaratra, na panneau solaire, fa jiron'ny mpiasa ihany (« Torche »)



Toeram-ponenan'ny lehiben'ny CSB1 Manakambahiny kely

- Mbola tsy nampiasaina ireo fotodrafitrasa efa vita satria miandry ny fanokanana ara-pomba ofisialy
- **Tsizarizary** ny toeram-ponenan'ny mpiasan'ny fahasalamana

Ny Fitsarana dia mandroso tolo-kevitra ho an'ny Minisiteran'ny Fahasalamana :

- Ampitomboina ny ezaka fanitarana ny herinaratra ho an'ny CSB
- Raisina ny fepetra hampandehanana ny fotodrafitrasa efa vita
- Raisina ny fepetra mba hananan'ny mpiasan'ny fahasalamana toeram-ponenana mifanaraka amin'ny fenitra voafaritra anatin'ny didim-pitondrana laharana 20 384/2018-MSANP tamin'ny 27 Aogositra 2018 momba ny fampiharana ny fenitry ny CSB


# TANTSOROKA HO AN'NY FAHEFAM-PANJAKANA

## FANARAHA-MASO NY FANATANTERAHANA NY TETIBOLAM-PANJAKANA 2020

**1. Mihatara hatrany ny famoahana ny lalàna fandravonana ny fitantanana ny volam-panjakana** (« Projet de Loi de Règlement ») : nahatratra **12 volana mahery** ny fahatarana tamin'ny 2020, izany hoe mihoatra noho ny taona telo alohan'izay.

| TAONA | FE-POTOANA ARAKA NY LALÀNA | DATY NAHATONGAVA TANY AMIN'NY FITSARANA | FAHATARANA |
|---|---|---|---|
| **2017** | Janoary 2019 | 10 janoary 2019 | Tsy tara |
| **2018** | Janoary 2020 | 26 mey 2020 | 3 volana sy 26 andro |
| **2019** | Janoary 2021 | 23 novambra 2021 | 9 volana et 23 andro |
| **2020** | Janoary 2022 | 08 febroary 2023 | 12 volana et 8 andro |

**2. Miharatsy ny fifandanjan'ny tetibola** Tamin'ny taona 2020 no ambony indrindra ny elanelan'ny vola miditra sy mivoaka raha oharina amin'ny folo taona farany : mitentina **2 670,13 miliara Ariary** izany.





Raha oharina amin'ny taona 2019 :


- ↓ Nihena **7,5% ny vola miditra**
- ↑ Nitombo **16,2% ny fandaniana**
- ↑ Nitombo 21% ny fandaniana natokana ho amin'ny sehatry ny herinaratra, 690 miliara Ariary lasa 841 miliara Ariary

**3. Mitombo hatrany ny trosam-panjakana :** Ahitana **fitomboana mitohy mitaha 24%** ny trosam-panjakana

- Ny trosam-panjakana dia **maneho 37% ny harikarena faobe (PIB)**
- Ny vola naverina satria tsy nampiasaina tao anatin'ny fe-potoana voafaritry ny tetikasa dia mitentina **4,4 miliara Ariary**
- Ny famerenam-bola noho ny fandaniana tsy mifanaraka amin'ny tetikasa dia mitentina **151,9 miliara Ariary**



**4. Fahombiazan'ny fandaharan'asa :** Amin'ny ankapobeny dia **46% ny tondro nokendrena no tratra**. Kanefa, ireo tondro tanjona sasany dia mandrefy ny asa sy fomba hanatanterahana ny fandaharan'asa fa tsy ny vokatra avy amin'izany.




# FANARAHA-MASO NY FITANTANAM-PANJAKANA IFOTONY

## FANARAHA-MASO NY TSENAMBAROM-PANJAKANA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA ITSINJARAM-PAHEFANA

Taom-piasana 2017-2018 – Nataon'ny Fitsarana ara-bola Antananarivo

| LESOKA VOAMARIKY NY FITSARANA ARA-BOLA | KAOMININA VOAKASIKA |
|---|---|
| Nanao fandaniana nefa tsy nisy fakan-kevitra avy tamin'ny mpamatsy entana | Kaominina ambanivohitra Andoharanofotsy |
| Mialoha ny daty namoahana ny filazana fakan-kevitra avy amin'ny mpamatsy entana ny datin'ny tolo-bidy, na koa aorian'ny daty farany azo anaterana ny tolo-bidy | Kaominina ambanivohitra Bongatsara |
| Ny fandaniana sasany dia natao tamin'ny alalan'ny fividianana mivantana kanefa mihoatra ny fetra voafaritra ho an'izany | Kaominina ambanivohitra Ankaraobato<br>Kaominina ambanivohitra Andoharanofotsy |
| Tsy voatendry ireo mpiandraikitra amin'ny fanatontosana ny fividianana ataon'ny fanjakana | Kaominina ambanivohitra Ankaraobato<br>Kaominina ambanivohitra Bongatsara |
| Nanafatra entana ny kaominina kanefa tsy ampy ho an'izany ny sorabola notombanana sy azo ampiasaina | Kaominina ambanivohitra Bongatsara |
| Tsy misy na tsy feno ny boky firaketana ny fitantanana entana sy trano | Kaominina ambanivohitra Ankaraobato<br>Kaominina ambanivohitra Bongatsara |
| Tsy voaraka ny fivezivezen'ny entana noho ny tsy fahalalan'ireo tompon'andraikitra | Kaominina ambanivohitra Andoharanofotsy |
| Tsy voatendry ara-dalàna ny mpitana kaontin'entana ary tsy manao sonia ny fanisana entana izy | Kaominina ambanivohitra Bongatsara |

## Mahakasika ny Faritra Atsimo Atsinanana

Taom-piasana 2020-2022 – Nataon'ny Fitsarana ara-bola Fianarantsoa

- **Tsy misy rafitra voatendry amin'ny fomba ofisialy hanao ny fanaraha-maso anatiny** eo anivon'ny Faritra na dia nahitana lesoka voamarina aza

- Momba ny asa fanarenana ny làlana, **tsy voafaritra amin'ny antsipiriany** ao anatin'ny antontan-taratasy fakan-kevitra sy fifanarahana amin'ny mpamatsy ny kisarisary « tracés type ». Nahitana olona iray tsy voatendry anatin'ny Vaomiera momba ny fitaomana hanao tolo-bidy na « Commission d'Appel d'Offres » (CAO) kanefa nandray anjara tamin'ny fanombanana ny tolo-bidy ny fifanaraham-barotra 4 nanaovana fitsirihana. Tsy nampahafantarina araka ny voasoritry ny lalàna ny mpilatsako-mpifaninana tsy voaray tamin'ny fifanaraham-barotra miisa 27.

- Momba ny **fanatanterahana ny fifanaraham-barotra**, tsy nisy fanomezan'antoka ny vatsim-bola hanombohana ny asa, nahitana tsy fanarahan-dalàna ny fitanana an-tsoratra fandraisana vonjimaika ary tsy nisy ny fitanana an-tsoratra fandraisana raikitra. Kanefa dia tara hatramin'ny 285 andro ny fantanterahana ny asa tamin'ny fifanaraham-barotra 7 nanaovana fitsirihana, ary tsy nisy sazy vokatry ny fahatarana ho an'ireo nahazo ny tsenambarotra.

## FITANTANANA NY MPIASA RAIKITRA AO AMIN'NY KAOMININA AMBANIVOHITRA IVATO Taom-piasana 2019-2021

- **Nitombo 60% ny isan'ny mpiasa** ao amin'ny Kaominina ka mahasarotra ny fahafahany mandoa ireo latsak'emboka

- Nivangongo ny **latsak'emboky ny mpampiasa tsy voaloa** tamin'ny CNaPS sy ny fikambanana ara-pahasalamana AMIT

- Tsy nalaina mialoha ny **tataon-ketra alaina amin'ny karaman'ny mpiasam-panjakana (IRSA)** tamin'ny taona 2019 sy 2020. Na dia efa nalaina ary izany tamin'ny 2021 dia tsy voarotsaky ny Kaominina tao anatin'ny tahirin'ny Fanjakana

## FITANTANANA NY OMBY AO AMIN'NY KAOMININA AMBANIVOHITRA TALATA VOLONONDRY

Taom-piasana 2020-2021

- **Tsy feno ara-dalàna ny boky firaketana** ny fanisana sy fanarahana ny antontan-taratasy momba ny omby, na eo anivon'ny mpitana kaontin'entan'ny Kaominina na eo anivon'ny Lehiben'ny fari-piadidian-draharaham-panjakana (*Chef d'arrondissement administratif* na CAA)
- **Tsy voatendry ny tompon'andraikitra amin'ny tsenan'omby,** ary tsy voarakitra an-tsoratra ny fifanakalozana

- Ny **tapakila ampiasaina** ho an'ny haba alaina amin'ny famonoana omby ihany (*« taxe d'abattage »*) no ampiasaina handoavana ny haba mikasika ny fitsirihana sy fanaovana fitomboka ny hena (*« taxes de visite et de poinçonnage »*)

# FITSIRIHANA NY RAFITRA FAMORIANA NY VOLA MIDITRY NY KAOMININA ANDRENIVOHITRA FENOARIVO-ATSINANANA

- **Tsy manana « base de données »** feno, azo ampiasaina, navaozina ary azo antoka hamaritana ny zony ny Kaominina. Tsy mifanaraka amin'ny taratasy fanamarinana ny fampidiram-bola.
- Tsy voahara-maso tsara ny **fanangonana ny vola miditra**, ary misy rafitra tsy ara-dalàna famorian-ketra mifanjohy amin'ny fizotra tokony ho izy
- Ahitana lesoka ny fanaraha-maso nataon'ny **mpiandraikitra voalohany sy ny mpanampy azy**
- Tsy mifanaraka amin'ny zava-misy ny **tahirin-kevitra momba ny tetibola sy ny taratasin-kaonty**

# FANARAHA-MASO NY ASA ARA-TETIBOLA

| Tranga | Kaominina voakasika |
|---|---|
| **Tetibola tsy nankatoavina tanatin'ny fe-potoana voafaritry ny lalàna** | Kaominina andrenivohitra Ambanja (tetibola 2022) |
| **Onitra tsy voaloa** | Faritra Anosy – satria tsy ampy ny sora-bola<br>Kaominina Ambatondrazaka – miandry ny Filan-kevitry ny Kaominina |
| **Karama sy tambin-karama tsy voaloa** | Kaominina andrenivohitra Brickaville – tsy nisy mpanome alalana |
| **Karama tsy voaloa kanefa ampy ny sorabolan'ny Kaominina** | Kaominina andrenivohitra Mampikony – mitentina 21 tapitrisa Ariary<br>Kaominina ambanivohitra Ivoamba – mitentina 13,5 tapitrisa Ariary |

# FITSARANA NY KAONTY

| FANAMARIHANA | ANTON'NY FANDANIANA | KAONTY | VOLA AVERINA |
|---|---|---|---|
| **TSY FAMPIHARANA NY LALANA SY FITSIPIKA** | | | |
| **Tsy famoahana singa-taratasy fanamarinana – fatiantoka ho an'ny tahirim-bola** | Fandoavam-bola ho an'ny fandaniana voatondro ho amin'ny kaonty 409x sy 4786x | TG Maintirano sy Miarinarivo | 14 542 703 Ar |
| **Vola naloa mihoatra tamin'ny tambin-karama mitambatra ho an'ny Ben'ny Tanàna sy lefitra roa** | Tambin-karama mitambatra | Kaominina andrenivohitra Mananjary | 302 207 Ar |
| **Vola naloa mihoatra tamin'ny tambin-karama amin'ny fisoloan-tena ho an'ny Governora** | Tambin-karama, mpiasa tsy raikitra | Faritra Atsimo Atsinanana | 1 200 000 Ar |
| **Fandoavana tambin-karama amin'ny maha-tompon'andraikitra** | Mpiasa tsy raikitra | Kaominina andrenivohitra Antsirabe | 1 375 950 Ar |

| FANAMARIHANA | ANTON'NY FANDANIANA | KAONTY | VOLA AVERINA |
|---|---|---|---|
| **tsy tokony ho izy ho an'ny Tale Kabinetra** | | | |
| **Fandoavana tambin-karama amin'ny iraka any ivelany nefa tsy nahazo fahazahoan-dalana (*visa*)** | Tambin-karama amin'ny iraka any ivelany sy saran-dalana | Kaominina andrenivohitra Antananarivo | 36 269 182 Ar |
| **Fandoavana tambin-karama tsy mifanaraka amin'ny sarany ara-dalàna ho an'ny Mpanolotsaina manokana** | Tambin-karama sy tombontsoa amin'ny maha-tompon'andraikitra, mpiasa tsy raikitra | Kaominina ambanivohitra Andoharanofotsy | 440 000 Ar |
| **Fandoavana tambin-karama tsy ara-dalàna ho an'ny Ben'ny tanàna** | Tambin-karama sy tombon-tsoa | Kaominina andrenivohitra Ankazobe | 6 000 000 Ar |
| **Fandoavana fifampirarahana tolo-botsotra izay notanterahana nefa tsy voamarina** | Fanavaozana ny tokotany Rolland Garros | Kaominina andrenivohitra Antalaha | 3 617 342 Ar |
| **Fandoavana vola onitra raikitra ho an'ny mpikambana ao amin'ny birao mahatitry ny filan-kevitry ny kaominina izay tsy notombanana tao anaty didim-panjakana faha-96-170 tamin'ny 06/03/96** | Tambin-karama sy tombon-tsoa | Kaominina andrenivohitra Morombe | 320 000 Ar |
| **FANAMARINAN'NY TARATASY FANEFAN-TROSA** | | | |
| **Lesoka eo amin'ny fandoavana tambin-karama ataon'ny mpitsinjara vola** | Fandoavana tamby na karama ho an'ny mpiasa nanatanteraka asa fanisana sy fizarana taratasy filazan-ketra | Kaominina ambanivohitra Andoharanofotsy | 2 312 000 Ar |
| **LESOKA EO AMIN'NY FANAMARINANA NY TROSA** | | | |
| **Fandoavam-bola tsy nahitana fanamarinana ny trosa – fanomezan-dàlana tsy voafeno tsara** | Tambin-karama amin'ny iraka | Kaominina ambanivohitra Nosifeno | 852 000 Ar |
| **Tsy fisian'ny singan-taratasy fanamarinana** | Tambin-karama fandray amin'ny fotoam-pivoriana | Kaominina andrenivohitra Nosy Varika | 576 000 Ar |
| **Fandoavam-bola mihoatra ho an'ny tambin-karama amin'ny saran-dalana** | Tambin-karama amin'ny saran-dalana | Kaominina andrenivohitra Farafangana | 96 000 Ar |
| **Fandraisan'ny mpitahiry vola tambin-karama alohan'ny nanombohany ny asa** | Tambin-karama, mpiasa tsy raikitra | Faritra Atsimo Atsinanana | 200 000 Ar |
| **Tsy fisian'ny singan-taratasy fanamarinana ilaina amin'ny tsenambarom-panjakana** | Fanofana entana sy fitaovam-pitanterana | Faritra Atsimo Atsinanana | 20 500 000 Ar |
| **Singan-taratasy fanamarinana tsy ampy : nisy fividianana mivantana tamin'ny Trano Printim-pirenena** | Taratasy vita printy, tombokase, tahirin-kevitry ny fitondrandraharaha | Kaominina andrenivohitra Arivonimamo | 664 200 Ar |
| **Lesoka teo amin'ny famokarana fitanana an-tsoratra fandraisana entana** | Taratasy vita printy, tombokase, tahirin-kevitry ny fitondrandraharaha | Kaominina andrenivohitra Arivonimamo | 120 000 Ar |
| **Tambin-karama amin'ny fisoloantena naloa nefa tsy voamarina** | Tambin-karama amin'ny fisoloantena | Kaominina andrenivohitra Port Bergé | 398 400 Ar |